FANAMBARANA

Ny fiaiken-keloka nataon'i Jeneraly Noël Rakotonandrasana sy i Lietna-Kolonely Charles Andrianasoavina dia nanokatra làlana ho an'ireo izay mihevitra fa adidiny ny hijoro ho vavolombelon'ireo heloka bevava nisy tamin'ny fanonganana ny fitondrana voafidim-bahoaka ka nahatonga ny fametrahana fitondrana tsy ara-drariny izay mamoritra ny firenena nanomboka tamin'ny volana Martsa 2009 ka hatramin'izao. Efa miha-maro hatrany izao ireo izay mitsangana amin'izany ankehitriny. Anisan'izany ny Inspecteur Principal de police de classe exceptionnelle Fanomeza Razanadimby. Mbola ao anatin'ny olona voatonona ao anatin'ny taratasy nataony ny anaran'ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana, ary manamafy ny fandraisan'io manamboninahitra io anjara mavitrika tamin'ny fanonganam-panjakana nisy izy. Mifampitohy ary manamafy izay voarakitra tao amin'ny fiaiken-kelok'i Jeneraly Noël Rakotonandrasana sy i Lietna-Kolonely Charles Andrianasoavina ny voalazany. Ao koa no voazava tsara fa kolikoly avo lenta no nanosika ny Fitsaràna mahefa hilaza sy hametraka tamin'ny didy navoakany ny maha ara-dalàna io fitondrana sandoka io. Mivoitra ao koa fa Andriamatoa Ratsirahonana no tena atidoha niketrika sy nahatonga ny fanonganam-panjakàna ho tanteraka hatramin'ny farany.

Noho izany dia notohizan'Andriamatoa Marc Ravalomanana ny fitoriana miampy fangatahana onitra izay efa napetrany ny faha 25 janoary 2011. Miantefa amin'ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana sy ireo rehetra voatondron'ny Inspecteur de police Fanomeza Razanadimby ho mpiray tsikombakomba aminy ity fitoriana ity. Kolikoly ny heloka hanenjehina azy ary ireto manaraka ireto dia voarohirohy amin'izany fiampangàna izany koa :

Andriamatoa isany : Norbert Lala Ratsirahonana,Jean-Michel Rajaonarivony, Dieudonné Rakotondrambao, Andry Rajoelina, Haja Resampa, Alain Ramaroson, Moinja Roindefo sy Maître Ralison ; Ramatoa Christine Razanamahasoa ary ny Jeneraly isany André Ndriarijaona sy Raonenantsoamampianina ;

Tsy hisalasalàna fa mbola ho maro ny hitsangana ho vavolombelona hanampy ireo izay efa nijoro , efa hita dieny izao anefa fa tsy azo lavina intsony ny fisian'ny fanonganam-panjakàna tamin'ny volana marsa 2009. Tsy vita anefa io fanonganam-panjakàna io raha tsy nisy ny olona nanarotsarona azy sy nitady izay fomba hahatonga azy miendrika ho ara-dalàna. Mazava ankehitriny fa kolikoly no nahatonga ireo olona ireo hanao izany. Mbola mangataka amin'ny Fitsaràna Malagasy ihany ny mpitory hijery ity raharaha ity am-pahatoniana sy hamoaka didy am-pahalalahana tanteraka ka hampiseho fa mendrika ny fahatokisana napetraky ny vahoaka Malagasy aminy izy na inona na inona mety ho tsindry mety atao aminy.